
# FIBEBAHANA SY FAMELAN-KELOKA



Lesona 10 hatao ny 6 Jona, 2026

"Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra"

(1 Jaona 1:9)




Manambara ny Baiboly fa “samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitr’Andriamanitra” (Rom. 3:23).


Voalaza ihany koa fa tsy afaka miala na manaisotra ny fahotantsika isika (Jer. 13:23; 2:22).

Vonona hamela ny fahotantsika anefa Andriamanitra. Tsy misy fahotana lehibe loatra na mahatsiravina loatra ka tsy tian’Andriamanitra ny hamelana izany. (Isaia 1:18).

Iray ihany ny fepetra: ny fibebahana.





**Fibebahana:**

- Tsy firaihina amin'ny fibebahana
- Ny fibebahana marina
- Antso ho amin’ny fibebahana

**Famelan-keloka:**

- Ny fahasoavan'ny famelan-keloka
- Akanjon'ny famelan-keloka



# FIBEBAHANA



# TSY FIRAIHINA AMIN'NY FIBEBAHANA

*"Fa ny Tompo namaly ka nanao taminy hoe: Marta, Marta, maro ahina sy maro herehina ianao"* (Lioka 10:41)



Tao an-tranon'i Lazarosy, niresaka zava-dehibe i Jesosy, zava-dehibe ho amin'ny famonjena. Tsy nihaino anefa i Marta. Tsy nanam-potoana izy. Maro zavatra natao izy! (Lio. 10:40-41).



Mitranga amintsika koa izany. Rehefa manota isika, ary miantso antsika hibebaka ny Fanahy Masina, dia mameno antsika amin'ny asa, na fanahiana, na zava-mahavariana hafa i Satana, izay tsy mamela antsika hisaintsaina ny toerana feno fahotana misy antsika ka hitadiavantsika famelan-keloka.





Tsy mamela antsika anefa Andriamanitra. Maharitra amin'ny fiantsoany Izy (Ezek. 33:11). Ohariny amin'ny fitafiana maloto ny fahotantsika. (Isaia 64:5). Manolotra takalo Izy: ny fitafiantsika maloto ho solon'ny fitafiany madio (Zak. 3:4), dia fitafiana voasasa tamin'ny ran'i Jesosy (Apok. 7:14).



# NY TENA FIBEBAHANA


*"Andeha hiverina ho amin'i Jehovah isika; fa Izy no namiravira, ary Izy ihany no hahasitrana antsika; Izy no namely, ary Izy no hamehy ny ferintsika."* (Hosea 6:1)

**Inona no atao hoe fibebahana? Inona no maha samy hafa ny fibebahana marina sy ny fibebahana tsy tena izy? (2 Kor. 7:10)**

**Rehefa mitondra vokatra eo no ho eo sady tsy iriana ny fahotana, dia tonga ny nenina. Mahamenatra satria tsy nety araka ny tokony ho izy izay nataontsika. Raha tsy nisy vokany ratsy, dia tsy halahelo ny zavatra nataontsika isika. TSY fibebahana izany.**

**Rehefa ny nanaovana ilay fahotana mihitsy no mitondra alahelo amintsika, sy faniriana lalina ho voavela heloka (na nisy vokany ratsy na tsia), dia izany no atao hoe fibebahana.**

**Rehefa manota isika, dia "mamiravira" antsika ny Fanahy Masina ary "mamely" antsika amin'ny alahelo lalina. Raha mamaly amin'ny fibebahana marina isika, dia manasitrana antsika Andriamanitra, sady mamela ny fahotantsika (Hos. 6:1).**





# ANTSO HO AMIN'NY FIBEBAHANA

"Koa mibebaha ianareo, ka miverena hamonoana ny fahotanareo, mba ho avy izay andro famelombelomana avy amin'ny fanatrehan'ny Tompo." (Asa 3:19)



Hafatra iray ihany no nanombohan'i Jaona Mpanao Batisa sy Jesosy ny asa fanompoany: "Mibebaha" (Mat. 3:1-2; 4:17).

Nahoana no zava-dehibe ny fibebahana? Satria raha tsy misy azy dia tsy misy famelan-keloka (Asa 2:38; 3:19). Ahoana no fizotry ny dingana?



Noho ny fahamoram-panahiny dia miantso antsika hibebaka Andriamanitra (Rom. 2:4)

Mamaly ny antsony isika

Mamela ny fahotantsika Andriamanitra noho ny amin'ny ra nalatsak'i Jesosy teo amin'ny hazo fijaliana (Kol. 1:13-14)

Amin'alahelo mafy noho ny tsy nety natao

Miaraka amin'ny fanapahan-kevitra marina hiala amin'ny fahotana



Mariho fa ny fibebahana sy ny famelan-keloka dia tokony hitarika antsika hatrany amin'ny fanavaozana; ho amin'ny fiovan'ny toe-tsaina izay mitarika antsika tsy hanota intsony (Jao. 5:14).





# NY FAMELAN-KELOKA



# NY FAHASOAVAN'NY FAMELAN-KELOKA

"Noho ny anaranao, JEHOVAH Ô, dia mamelà ny heloko, fa lehibe izany" (Salamo 25:11)



Tsy misy na inona na inona manery an'Andriamanitra hamela ny fahotantsika. Tsy misy na inona na inona azontsika atao mba ho mendrika izany famelan-keloka izany. Manolotra famelan-keloka ho antsika Andriamanitra noho ny fahasoavana; noho ny fitiavany tsy manam-petra. Mamela heloka Izy satria "tsara sady mamela heloka ary be famindram-po" (Salamo 86:5; jereo ny Eksodosy 34:6-7).

Ny fitiavany no nitarika Azy hanolotra ny tenany teo amin'ny hazo fijaliana, sy handoa ny sandan'ny ota izay tsy ho voalohantsika (Efes. 2:4-5).




**Rehefa mitondra ny fahotantsika eo am-pototry ny hazo fijaliana isika dia manaisotra antsika amin'ny vesatra izay manavesatra antsika i Jesosy (Heb. 12:1-2)**



# NY FAHASOAVAN'NY FAMELAN-KELOKA

"Noho ny anaranao, JEHOVAH Ô, dia mamelà ny heloko, fa lehibe izany"
(Salamo 25:11)



Inona no ifandraisan'ny fahotana sy ny fahasoavana?

## FIFANDRAISAN'NY FAHOTANA SY NY FAHASOAVANA

**Romana 5:8**
- "fony mbola mpanota isika"
- "maty hamonjy antsika Kristy"

**Romana 5:20**
- "teo amin'izay nihabiazan'ny ota"
- "nihoaran'ny fahasoavana be lavitra"

**Romana 5:21**
- "anjakan'ny ota ao amin'ny fahafatesana"
- "hanjakan'ny fahasoavana kosa... ho fiainana mandrakizay"

**Romana 6:23**
- "fahafatesana no tambin'ny ota"
- "fiainana mandrakizay no fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra"



# NY ANKAJON'NY FAMELAN-KELOKA

"Dia hoy izy taminy: 'Ry sakaiza, ahoana no idiranao eto, nefa ianao tsy miakanjo ny akanjo fitondra amin'ny fampakaram-bady?' Dia sina izy." (Matio 22:12)

Ny Fiangonan'Andriamanitra—ary noho izany ny mambra tsirairay ao aminy—dia mitafy "rongony fotsy madinika sady madio no mangatsakatsaka" ary "tsy misy pentimpentina, na fiketronana, na izay toy izany" (Apok. 19:8; Efes. 5:27).



Tandindon'ny "asa marina ataon'ny olona masina" io rongony fotsy madinika io (Apok. 19:8b). Kanefa, tsy azy izany fahamarinana izany; fa nomen'i Kristy azy ireo (Apok. 7:14).





Rehefa nanota i Adama sy Eva, dia nanarona ny fitanjahany tamin'ny asany izy ireo. Nefa mbola nihevi-tena ho mitanjaka teo anatrehan'Andriamanitra ihany izy (Gen. 3:7-10). Ny akanjo atolotr'Andriamanitra dia tandindon'ny "akanjo fitondra amin'ny fampakaram-bady" omen'i Kristy antsika: ny fahamarinany tonga lafatra izay mamafa ny fahotantsika (Gen. 3:21; Sal. 51:7-10).



Tsy misy olona ho any an-danitra raha tsy mitafy an'izany fitafiana izany (Mat. 22:1-14).

“Izay maniry ny ho tonga zanak’Andriamanitra dia tsy maintsy mandray ny fahamarinana fa ny fibebahana sy ny famelan-keloka dia tsy maintsy azo amin’ny alalan’ny sorona manavotra ataon’i Kristy. Manana izany antoka izany ny mpanota ka tsy maintsy manao ezaka mifanaraka amin’ny asa atao ho azy, ary amin’ny fangatahana tsy mety sasatra dia tsy maintsy mitalaho eo amin’ny seza fiandrianan’ny fahasoavana izy, mba ho tonga ao amin’ny fanahiny ny hery manavao an’Andriamanitra. Ny famelan-kelonk'i Kristy dia ho an'izay mibebaka ihany, ary izay avelany dia tarihiny ho amin'ny fibebahana aloha. Tsy mana-petra ny fanomezany, ary ho an’ny fanahy mino rehetra ny fahamarinana mandrakizay an’i Kristy. Efa namboarina ho an’ny mpanota mibebaka sy mino ilay akanjo lafo vidy tsy misy pentina, voatenona teo amin’ny fanenon’ny lanitra.”

EGW (Selected Messages, vol. 1, p. 393)